# Ilay Voa Tsara Nafafy 04 Aogositra 2018

# 4 **Asabotsy** aogositra

**Tsy maintsy hateraka indray ianareo.** Jaona 3. 7

**Anio, raha hihaino ny feony ianareo, aza manamafy ny fonareo.** Hebreo 3. 7, 8

**Tsy manam-potoana**

Notantaraina kristiana iray ny toe-javatra niainany tao anaty fiaramanidina ho any Chicago (any Etazonia), tamin'ny taona 1979.

Vao avy nametaka ny fehikibo aroloza aho. Nipetraka teo anilako ity lehilahy iray, teo amin'ny dimampolo taona teo. Nahafinaritra ny fifampiresahanay, ary tonga tany amin'ny resaka finoana izahay.

— Heveriko fa ilaina ny fivavahana, hoy izy tamiko. Fony mbola tanora aho dia nanaraka fianarana Baiboly isan'alahady.

— Afaka miteny ve ianao, androany, fa kristiana nateraka indray, ary manana ny ain'Andriamanitra ?

Somary nisalasala izy, namaly ahy :

— Tsy dia tena izany. Hitanao, tototry ny asa loatra aho, ka tsy manana fotoana hieritreretana ireny fanontaniana ireny.

— Heverinao ho zava-dehibe kokoa ve ny asa amandraharaha ataonao, ka mahatonga anao hampandefitra ny momba ny ara-panahy sy ny mandrakizay ?

— Tena ady mafy ny fiainana e... Mikasa hisotro ronono aho afaka dimy taona, dia amin'izay no handamina ny fiainako miaraka amin'Andriamanitra. Fa amin'izao fotoana izao aho mbola tsy manam-potoana mihitsy.

Nisaraka izahay rehefa tafapetraka ny fiaramanidina. Nandray sidina iray hafa izy, ho any Los Angeles. Ny harivan'io ihany dia reko tamin'ny fampielezampeo fa niendaka ny môtera iray tamin'ilay fiaramanidina, ka nidoboka izy ary nirehitra. Tsy nisy velona ireo mpandeha 271 tao anatiny.

„Indro, ankehitriny no andro fankasitrahana ; indro, ankehitriny no andro famonjena" (2 Korintiana 6. 2).